**KOMITY IOMBONANA HO AN'NY «TOKY NOMENA»**

**FANAMBARANA**
**Fampahalalàna ampahibemaso ny fisian'ny TOKY NOMENA**
**amin'izao fifidianana solombavambahoaka izao**

***"Ho solombavambahoaka misahana ampahamendrehana ny andraikiny sy mametraka ambony ny tombontsoan'ny daholobe !"***

**Teny fampidirina**
Mihevitra ireo rafitra 12 misy ao amin' ny **Komity Iombonana ho amin'ny Dina** azo antsoina ankehitriny hoe **TOKY NOMENA** fa tokony hotohizana ny ezaka hametrahana fifidianana madio sy milamina eto amin'ny firenena, amin'izao fifidianana solombavambahoaka izay ho tanterahina ny 27 May 2019 izao.

Ny antony manaraka izay tsy azo ihodivirana dia satria mila mametraka arofanina mafy eto amin'ny firenena isika raha tiana hisy fiovàna amin'ny tsara eo amin'ny fomba fanao ao amin'ny Antenimiera : be loatra ny fihoaram-pefy nampitsanga-menatra teo aloha ( Antenimieram-pirenena 2014-2019), raha nanombana ny asa sy ny hetsiky ny solombavam-bahoaka 151 mianadahy mianaka nandritran'iny fotoana iny ny Komity, izay tsy nahitàna mazava ny fitandrovana ny mahasoa ny firenena. Izany fijerena ny zava-nisy izany moa miampy ny efa ambaran'ny olompirenena ombieny ombieny (eo amin'ny fiarahamonina, tambazotra sosialy Facebook, …) izay valaketraka sy ny haino aman-jery.

Ankehitriny namolavola Dina nantsoiny hoe « TOKY NOMENA » indray ny Komity izay **maniry ny hiverenan'ny hasin'ny olomboafidy eo amin'ny Antenimiera.**

Mampahafantatra izany an' ireo Kandida miisa 803 milatsaka ho fidiana mikendry ny toerana depiote 151 izy amin'ny alalàn'izao fanambarana izao. Mampahalala koa ny olompirenena rehetra, na mpifidy izy na tsia, ny Komity satria izy ireo no antompisian'ny asa tanterahin'ny Solombavambahoaka, dia ny **fanaovana lalàna, ny fanarahamaso ny Governemanta, ny fanombanana ny Politikam-panjakana , ary ireo ihany (andininy faha- 68 ny Lalàmpanorenana)**

**Firafitry ny TOKY NOMENA**
Mitovy amin'ny Dina novolavolaina tamin'ny Fifidianana Filoham-pirenena ny firafitry ny TOKY NOMENA. *Napetraka ny fihetsika mendrika, na fenitra tokony aseho miisa 29 amin'ireo dingana 4 ireo: mialohan'ny andro fandatsaham-bato (fanomezan-toky miisa 8), mandritra ny andron'ny latsa-bato (5) , sy ao aorianan'ny vaninandro fandatsaham-bato (2) , ary toky tokony homen'ny kandidà voafidy (14).*

Ny fanekena ny fihetsika mendrika sy fenitra tokony hajaina mandritry ireo dingana ireo dia hampiseho fa **ho Solombavambahoaka vanona, vonona, sahy sy mendrika ireo Mpilatsaka ho fidiana, raha toa ka lany izy.**

**Fanekena / fanaovana sonia fankatoavana ny Toky Nomena hataon'ireo Kandidà**
Eo anivon'ny fari-piadidiam-pifidianana miisa 119 dia hisy fiarahamiasa matotra handrindràna ny fahazoana ny sonia fankatoavana eo anivon' ireo rantsamangaikan'ny rafitra misy ao amin'ny Komity : ny CENI, ny CFM, ny BIANCO, ny Hetsika ROHY , ary ny Justice et Paix.

*Ny fe-potoana farany ahafahan'ny Kandidà manao sonia fankatoavana ny Toky Nomena dia ny 05 May 2019, andro mialohan'ny fiantombohan'ny fampielezan-kevitra.*
*Hanao tatitra mikasika ny lisitry ny Kandidà nanao sonia sy ireo tsy nanao sonia ny Komity ao aorianan'izany, rehefa mahazo ny atontan'isa amin'ny antsipirihany avy amin'ny faritra .*

**Fanarahamaso**
Izany fiaraha-miasa izany dia hotanterahina torak'izany koa amin'ny fanarahamaso ny fanajana ny Toky Nomena.

Marihina fa na manao sonia, na tsy manao ny Kandidà, dia ho arahina maso hatrany , ka hanaovana tatitra amin'ny olompirenena amin'ny alalan'ny haino amanjery nasionaly sy eo anivon'ny faritra, ary eo amin'ny tambazotra sosialy (Facebook).

Ho raisina an-tanan-droa ireo fikambanana hafa sy olompirenena tsara sitrapo te hanao ny fanarahamaso ary misy izy ireo no efa nampahafantatra ny fahavononany.
*Hitandrovana ny mety hisian' ny fitanilàna sy ny endrika politika miafina ataon'ny Kandidà sasany te hanaratsy ny mpifaninana aminy, dia hatao ny fanamarinan 'ny tranga voaray (na « recoupements ») sy hisy ny fanomezan-toky (engagement) tokony soniavin'ny Mpanaramaso antsitrapo amin'ny fanajany ny tsy fitanilàna, ny anomezany vaovao marimpototra, ny fikatsahana ny filaminana, sns.*

*Ho ampiasaina amin'izany ny « numéros verts » : 032 32 032 32 – 034 30 810 20 – 033 65 023 33.*

**Noho izany , manainga ny vahoaka tsivakivolo izahay hanaramaso ireo izay milatsaka ho fidiana hisolotena azy any amin'ny Antenimieram-pirenena**

**FEHINY**
**Fanamby lehibe no apetraky ny Komity raha nanapa-kevitra hirotsaka amin'ity TOKY NOMENA mikasika ny fifidianana solombavambahoaka ity. Mahatsapa izy fa ilaina izao ezaka goavana izao, ary matoky ary marisika izy fa anisan'ny hanampy ny hamerenana ny fomba fanao madio sy mahomby eo amin'ny Antenimieram-pirenena izany.**
**Mba hanjaka indray ny fahamarinana sy ny fahombiazana eto amin'ny Firenentsika !**

Antananarivo faha 12 Aprily 2019